
# ALAHADY FAHA 29 MANDAVANTAONA -A- 2023



## *NY ANDRIAMANITSIKA: MIZANA BE TSY MIANGATRA*

Ry Kristianina havana, avy niatrika ny Fijanonana faharoa na koa ny dingana faharoa amin'ny Sinaody isika. Nahatsapa isika fa maro ny zavatra mbola tsy maintsy halalinina mba hahatonga antsika ho OLON-DEHIBE AMIN'NY FINOANA. Amintsika miresaka izao dia mikatroka koa ny any Roma, mivory mandinika mikasika ny Sinaody faha-16 handalinana ny maha-Eglizy miara-dia. Entintsika am-bavaka izany araka ny fangatahan'ireo Tompon'andraikitra. Ao anatin'ny volana oktobra, volan'ny mission izany rehetra izany no miseho. Tsy misy kisendrasendra hoy isika amin'ny Tompo fa ataon'izao rehetra izao hahasoa ireo izay tiany. Tiany tokoa isika satria amin'izao volana oktobra izao izany no handinihantsika manokana ny maha EOV MISIONERA antsika , ny maha Tabernakala velona antsika ary tsy irery isika fa miaraka amin'i Masina Maria ilay Misionera voalohany sy Mb Teresin'I jesoa Zazakely izay Mpiaro voalohan'ny misiona.

**Vakiteny I :** Iz. 45, 1. 4-6
**Tononkira :** Salamo 95
**Vakiteny II :** 1 Tes. 1, 1-5b
**Evanjely :** Mt. 22, 15-21

.Sady mibanjina ireo mistery mandrafitra ny famonjena antsika miaraka amin'I Masina Maria isika no mandinika izany iraka izany hanohizantsika ny asam-pamonjena satria isika izao no Kristy Mpiarabelona amin'ny olona. Ao anatin'izany no irintsika hanaovana DEPART VAOVAO miatrika izao Taom-pikatrohana 2023-2024 izao izay hitondra antsika amin'ny fijanonana fahatelo amin'ny sinaody izany hoe "FIANAKAVIANA EGLIZY KELY MIFAMPITSIMBINA, MIFANASOA MIKATSAKA MANDRAKARIVA NY SOA IOMBONANA" no sady hirosoantsika amin'ny Kongresy Eokaristika izay ny

lohahevitra manentana antsika amin’izany “NY FIHAVANANA NO HANASITRANA AN’IZAO TONTOLO MPIRAY TAMPO ISIKA… ”dia tena mifanaraka amin’ny Fijanonana fahatelo Raha atao amin’ny teny hafa izany dia ny fivelomanana ny Ansiklika FRATELLI TUTTI, MPIRAY TAMPO ISIKA OLO ARAIKY ISIKA JIABY.

Tsy afenina Ry Kristianina havana fa raha tiantsika ho tanteraka izany rehetra izany dia mitaky “changement radical” na fiovam-penitra mahery vaika. Manantena isika fa ho tena Pantekoty vaovao izao dingam-piainana tanterahintsika izao. ADY sady DIA ny fiainana hoy isika ADY amin’izay ratsy manakorontana sy manapotika DIA mitondra antsika amin’ny fiainana. Fantaro hoy ny Papa François fa eo anatrehan’izao krizy mafy izao dia iray no alehany na resy ny korontana raha mahay miray hina isika na rendrika isika raha samy mandeha samy mitady (io no andikako ny tenin’I Papa tamin’ny audience Générale tamin’ny 23 septembre : soit nous travaillons ensemble pour sortir de la crise, soit nous n’en sortirons ensemble). Io no velabelarany ao amin’ny Taratasy Encyclique “Mpiara-tampo isika Jiaby … : Fratelli Tutti…. Izay hiezahantsika hohalalinina amin’izao fijanonana fahatelo izao. Tsy ho tanteraka izany raha tsy miova ny fontsika ahafahantsika manorina indray ny Tranobe Iombonana efa robaka.

Io indrindra, Ry Kristianina havana, no tian’ireo tenin’Andriamanitra ampitaina amintsika amin’izao alahady faha-29 mandavantaona izao. Mitaky SAFIDY avy amintsika. Tsy ho hisy anefa izany safidy izany raha tsy fola-kevitra isika, tsy maintsy convaincus isika. Tsy afaka hisabaka isika, tsy afaka hanompo tompo roa. Io conviction io no ahafahantsika mametraka izay hitantsika ho soatoavina mandrafitra ny fiainana. Io no ady sy dia. Tsy maintsy misy safidy ataontsika raha tsy izany dia rendrika isika, mety ho revo tanteraka ao anatin’izany Ady izany koa anefa isika ka tsy ho tody amin'ny tiantsika aleha dia ny fiainana mandrakizay. Izany no mety hitranga amin’izao krizy izao. Izany no anaovako antso avo amin’ireo izay mbola matoritory tsy miatrika ny Sinaody. Tsy maintsy miaraka isika vao tafita ary tsy maintsy mifanakalo hevitra. Tsy maintsy miaraka mivavaka.

Ny vakiteny voalohany ao amin'ny bokin'Izaia mpaminany dia mananatra antsika tokoa amin'izao fiainana sarotra diavintsika izao, amin’izao krizy lalina izao. Raha tsiahivina io vakiteny io dia manambara fa mbola tany an-tsesitany ny vahoaka Israely, izany hoe vahoaka mitovy amintsika, karaha isika niatrika zavatra manahirana sy sarotra, fantantsika fa raha atao hoe sesitany dia midika fa lavitra ny tany fiaviana sy ny fiainana mahazatra ka maro ny zavatra tsy maintsy atrehina sy manahirana. Matetika I Papa François miresaka mikasika ireo mpitsoa-ponenana. Miantso antsika ao amin’ny taratasiny Ansiklika izy hahay handray azy ireo satria rahalahy sy anabavy fa tsy sanatria hahilikilika.

Mampahatsiahy antsika ny vanim-potoana iainantsika izao izany na dia tsy mpitsoa-ponena aza isika satria ity krizy lalina ity dia mahatonga antsika ho very fanahy mbola velona, very repère karaha ireo mpitsoa-ponena. Tamin'ny fotoana sarotra naha-voasesitany no nanambaran'Andriamanitra tamin’ny vahoaka Israely Andriamanitra fa hanangona sy hanorina indray an’I Jerosalema vaovao sy ny Tempoly izy ka i Sirosy mpanjakan'ny Persa no fitaovana nentiny nanantanterahana an’izany. Azo lazaina izany fa faminaniana io ary ao Aminy no nahazoan’ny vahoaka famonjena tamin’izay. Ao amin’i Jesoa no tanteraka manontolo io faminaniana io satria Izy no famonjena manafaka antsika amin’izay fatopatotra rehetra manjo sy mangeja antsika fa indrindra izao krizy izao. Matetika isika no

milaza fa tsy ny krizy na oviana na oviana no faran-teny fa i Kristy Tenin'Andriamanitra no Alpha sy Omega. Teny nataontsika tamin'ny vanim-potoan'ny Covid KORONTANAVIRUS io ka averintsika eto satria resy ny KORONTANAVIRUS ka matoky isika fa raha maira-dalana isika samy isika ary indrindra miara-dalana amin'i Jesoa dia handresy an'ity KRIZY ity.

I Sirosy dia fitaovana tamin'izay, isika koa amin'izao vanim-potoana iainantsika izao, araky ny averimberintsika dia mila vavolombelona, mila mpitarika ny olona amin'izao satria efa tsy misy "répère" intsony tahaka an'ireo olona voan'ny sesitany tamin'izay, very ny soatoavina.

Isika vita batemy no Kristy mpiara-belona amin'ny olona amin'izao andro iainantsika izao ka anjarantsika àry ny mitondra ny fanantenana, mitondra ny fitiavana, mitondra ny finoana eo anivon'ny mpiara-belona amintsika. Izany indrindra no ilana safidy mazava tsara mba hahatonga ho EOV MISIONERA VITA BATEMY KA IRAHINA HO TABERNAKLA VELONA tokoa. Izao volana oktobra volan'ny mission izao no manery antsika hivelona ny maha-EOV misionera antsika fa indrindra miatrika izao Sinaody izao Mitaky safidy mitondra antsika hanana conviction izany. Izany hoe tsy mpanjinfa, consommateur fa ho acteur manorina Eglizy-Tranoben'Andriamanitra ka hahatonga antsika araka ny hafatr'i Papa "ho Mpiray Tampo", ho "Olo Araiky", ho "FIANAKAVIAM-BEN'ANDRIAMANITRA". Izay no mahatonga antsika mametraka ny pastôralintsika any amin'ny fototra mba ho tena "départ vaovao"vokatr'izay safidy sy izay conviction miainga amin'ny fianakaviana eglizy kely. Fantatsika koa fa ny fianakaviana no tena mizaka ny tsy eran'ny ainy amin'izao krizy izao. Azontsika onogna tsara ny anton'izao Sinaody izao mba ho FIANAKAVIANA EGLIZY KELY MIFAMPITSIMBINA , MIFANASOA KA MIKATSAKA MANDRAKARIVA NY SOA IOMBONANA HANORINA INDRAY NY TRANOBE IOMBONANA.

Ny Evanjely dia milaza ireo Farisianina sy Herodiana izay nitady hamandrika sy hamitapitaka an'i Jesoa : izay ihany koa no mianjady amintsika, izay ny làlam-piainantsika, izay koa no anjarantsika raha mijoro ho Kristy Mpiara-belona amin'ny olona isika. Matetika rehefa mijoro ho vavolombelona isika eo amin'ny fiainantsika andavanandro dia tsy maintsy misafidy. Fantatsika tsara ny nahazo an'i Lucien Botovasoa izay modely sady mpivavaka ho antsika, izy ihany koa dia nasaina nisafidy tahaka an'i Jesoa izay voasoratra amin'ny Evanjely androany raha nitady hamandrika azy ireo Farisianina. I Jesoa mahalala ny faharatsian'ireo mpihatsaravelatsihy ireo ary nolazainy mazava : *"Ry mpihatsaravelatsihy, nahoana ianareo no maka fanahy Ahy? Asehoy ahy ny farantsa kely fandoa amin'ny hetra . Dia nanehoany denie iray Izy. Ary hoy i Jesoa taminy: "Sarin'iza, sy anaran'iza ity?" Hoy ireo hoe: "An'i Sezara". Ka hoy Izy: "Raha izany àry, dia aloavy ho an'i Sezara izay an'i Sezara, ary ho an'Andriamanitra izay an'Andriamanitra".*

Izany indrindra ry Kristianina havana, tian'i Jesoa ho tsapan'ireo mpanadihady sy ho tsapantsika tokoa ny safidy tsy maintsy atao. Tsy tian' i Jesoa ny manao fampianarana lava fa ireo manadihady azy no tiany mamaly ny fanontaniana apetrak'izy ireo. Tsy iza moa i Sezara voalaza io fa endrik'izao tontolo izao.

Ry Kristianina havana ny fototry ny fampianarana amin'izao Alahady faha-29 mandavantaona izao dia ny fanontaniana hoe : iza no fidintsika, iza no manentana ny fiainantsika, ary hevitr'iza no arahintsika eo amin'ny fiainantsika andavanandro, ny hevitr'izao tontolo izao ve sa Andriamanitra ? Dia ambaran'i Jesoa amin'io hevitra sy amin'ny fampianarana io ny tiany ambara amin'ny hoe iza no arahintsika eo amin'ny fiainantsika andavanandro. Iza no tompointsika satria izay tompoina no andoavana "hetra."

Fantatsika ny ambarany hoe : "Ataovy an'i Sezara izay an'i Sezara" izany hoe fanatanterahana ny hevitr'izao tontolo izao : ny fitiavan-tena, ny fanangonan-karena, tsy misy fahafoizana fa fanilikilihana ny hafa. Izay no mahatonga ny fanapotehana eo amin'ny fiaraha-monina satria mihevitra ny tena fotsiny fa tsy mitsinjo ny hafa noho ny hetraketraka. Fanapotehana noho ny fialonana sy ny fitiavan-tena ary ny avonavona, izany no hevitry ny hoe "an'i Sezara". Izany indrindra no tsy maintsy hahaizantsika misafidy mazava raha tiantsika ho taranaka manorina, ho génération mpanorina isika, hoy isika, fa tsy mpanapotika.

Ry Kristianina havana mazava amintsika àry izao ny mahatonga an'izao krizy izao. Mifangaro loatra ny fiainantsika. Aoka hahay hanavaka tsara isika, hahay hanao sivana ka hametraka safidy matotra ahafahantsika manorina fiainana araka ny sitrak'Andriamanitra. Raha manao ny asan'Andriamanitra tokoa isika dia Andriamanitra no hanao ny asantsika. Matoa latsaka lalina izao krizy izao dia satria tsy manao ny asan'Andriamanitra isika manomboka amin'ny fianakaviana ka hatraty amin'ny firenena. Aza gaga àry isika raha sahirana isika. Mila mibebaka isika.

Aoka ho an'Andriamanitra ny fiainantsika, izany hoe hampanjaka ny marina. Ao amin'ny vakiteny voalohany milaza fa fitaovana hampanjaka ny marina isika. Ny manapotika ny fiainantsika amin'izao tontolo izao dia noho ny tsy fisian'ny fahamarinana intsony fa fampanjakana ny hevitry ny tena, ary hita fa normaly ho an'ny maro izany. Matoa ny tany, izany hoe ny tranobe iombonantsika ity izay manomboka amin'ny fianakaviana, ny eglizy kely, ny fiaraha monina, io tranobe io no potika dia satria ny hevitr'i Sezara, ny hevitr'izao tontolo izao no ampanjakaintsika.

Aoka hihavao isika ka hanorina Eglizy marina tokoa. Fanorenanana Eglizy Olona ao anatin'ny fahamarinana, fifankatiavana no tanterahintsika isanandro ka ho feno fanantenana isika. Izany no ambaran'ny loko maintso abaribarintsika amin'ny alalanin'ireo "tenue" isan-karazany eto amintsika, ho sekoly maintso sy ho diosezy maintso isika.

Ampianarin'i Md Paoly amintsika amin'ny vakiteny faharoa fa raha io fanantenana io no banjinintsika dia aoka hiara-mitalaho ny fahasoavan'Andriamanitra isika. Nitalaho ho azy ireo i Md Paoly nanao hoe : " *ho aminareo anie ny fahasoavana amam-piadanana."*

Ilay fiarahabana apostolika dia manambara ny fahafahantsika miombona hatrany amin'Andriamanitra mba hanjaka eo anivontsika ny fiadanana sy ny fifankatiavana. Nasongadin'i Md Paoly amin'ny fomba fiteniny fa tsy mba mizahozaho izy fa miara-misaotra an'Andriamanitra.

Izany koa no amaranantsika ny fandalinam-pinoana ataontsika izao ka hahatonga antsika ho Kristy mpiara belona amin'olona, ny fahaizantsika misaotra an'Andriamanitra koa eo amin'ny zava-misy iainantsika andavanandro. Mahaiza misaotra an'Andriamanitra isika satria avy Aminy ny loharanon'ny soa rehetra eo anivontsika.

Matetika hadinontsika izany satria ny hevitr'izao tontolo izao no manjaka ka tsy mahatsiaro mivavaka intsony isika. Izany no ampianarin'i Masina Maria antsika amin'izao volana oktobra volan'ny raozery izao mba hahay hibanjina sy hisaotra an'Andriamanitra isika eo amin'ny fiainantsika andavanandro. Aza manadino ny essentiel isika izany hoe ny maha-izy azy ny fiainana dia ny fiombonana amin'Andriamanitra. Izay no dikan'ny Rozery ibanjinantsika miaraka amin'i Masina Maria ireo misterim-pamonjena rehetra.

Ry Jesoa Tompo ô, mifanjevo sy misavoritaka ny zava-misy eo amin'ny fiainanay andavanandro, ny fahefana ara-nofo no matetika manjakazaka eo aminay ka very fanahy mbola velona izahay. Manjaka loatra ny vola ary zary andriamanitra tompoina aza indrisy ka mikorontana tanteraka ny fiainanay. Mitalaho aminao izahay, ampio hatoky ny fahendrena atolotrao ka handray izany, mba hahay hiara-miaina izahay. Entinay am-bavaka ireo mpitondra anay mba ho ny fanahy maha-olona tokoa no entiny manatanteraka ny adidiny ka hikatsaka ny soa iombonana izy ireo mba hahafahan'ny vahoaka hiaina ao amin'ny fiadanan'i Kristy.

Ry Jesoa Tompo ô, hainao ny nanazava tamin'ireo izay mitady hamitapitaka Anao. Koa ampianaro izahay eo amin'ny fiainana andavanandro hahay hijoro ho tena vavolombelonao, ho Kristy mpiara-belona amin'olona tokoa izahay ka afaka mitondra ny tena fahamarinana, ny tena fifankatiavana, hahay hampitraotro ny finoana sy ny fiainana andavanandro izahay ka hitondra izay tena fihavanana marina. Ho hainay tokoa ny manavaka izay ho entinay hanompoana Anao sy hikatsahana ny soa iombonana ao amin'ny fiadananao. Masina Maria Mpanjakavavin'ny Rozery, ampio izay hahay hiara-hibanjina ny misterin'ny famonjena miaraka aminao. Tsy hibanjina fotsiny anefa izahay fa ampianaro hiaina azy tahaka anao ka vonona hahafoy sy hanompo tahaka anao. Md Josefa, mivavahà ho an'ny fianakaviana mba hametraka an'Andriamanitra ho lohalaharana mandrakariva ka hikatsaka izay ~~hi~~ hifanasoavana sy hifampitsimbinana miatrika ny fiainana. Amen

Mompera Arserveka Mgr Benjamin Ramaroson